## Fitondrana Rajoelina 3

# Tonga amin'ny tenin'ilay nahandro vato : araka ny rony dia masaka


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 5 novambra 2022 Laharana 1363 Vidiny : 600 Ar


## Pr Jonah Ratsimbazafy 3

### Misavoamboana ny filoha Rajoelina


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



## Lemaka Bas Mangoky any Ambahikily 7

# Tsy manaiky lembenana amin'ny taniny ny tantsaha




## Tany any Analamalotra Toamasina II 2

# Toa tsy nanaiky ny fanelanelanan' ny FJKM i Kardinaly sy ny ekipany



## Fanafarana biby avy any ivelany 2

# Famitahana ireo mpizahatany ho avy eto amintsika



## FTMF 2

# Nahitana lesoka sahady ny fikarakarana fifidianan'ny Ceni



## Kaoperativa G 7

### Be ireo mpamily tsy mahalala fomba tsy manàja mpandeha

## FJKM Ivato seranana 2

### Tontosa ny alahady teo ny fetin'ny taranaka

## Daka kely

Tsy avotra intsony elah fa efa rediredy fotsiny sisa ny kabarin'ialahy ry Boaikely a !

TANY ANY ANALAMALOTRA TOAMASINA II

# Toa tsy nanaiky ny fanelanelanan'ny FJKM i Kardinaly sy ny ekipany

***MAHAKASIKA NY RAHARAHA OLANA TANY ANY ANALAMALOTRA TOAMASINA FAHAROA FARITRA ATSINANANA, NIANTSO FANELANELANANA AVY AMIN'NY FIANGONANA FJKM ANY TOAMASINA NY TOMPON'NY TANY SY NY NAMANY, HANELANELANA AZY IREO AMIN'NY KATOLIKA ANY AN-TOERANA MOMBA ITY RAHARAHA ITY. NISY NY FANAMBARANA NATAON'ANDRIAMATOA BE FRANÇOIS SY NY NAMANY MAHAKASIKA IZAY.***

"Mankanesa aty amiko ianareo izay miasa fatratra sy mavesatra entana".
Ny entan-jaraina mora zaka. Misy tany izay vita boky amin'ny anaran'ny société d'exploitation du canal du Nord ao Analamalotra ary mitondra anarana hoe« la REDOUTE » sy titre 3072-BA.
Rehefa nilaozan'ny tompony izy io dia nangatahako ka azoko teo anatrehan'ny Fitsarana teto Toamasina. Nofoanan'ny fitsarana ambony ny didy saingy mbola nahazoako rariny teo anatrehan'ny fitsarana tampony.
Voasoratra amiko ny tany. Noho ny fahanterako dia namidiko izy io avy teo. Mitsiriritra azy io fatratra ny ONG Saint Gabriel, izay nanofa tamin'ny DRDR teo aloha nefa tsy tompon'ny tany ka tsy tontosa ny fisitrahako na ilay nividy tamiko an'io tany io.
Rehefa tsy nahita ny rariny tamin'ny fanelingelenana ahy izy dia nialokaloka tao ambadiky ny fiangonana Katolika.
TANY MISY OLOBE TSY MIADY ZAZA. "SAMBATRA NY MPAMPIHAVANA",
Teto dia tsaroako io tenin'ny soratra masina io, fiangonana rahateo moa no resahina. Tsy mampiditra ny fiangonana amin'ny ady izahay fa mitondra ny tsy zakanay.
Nanatona ireo Ray aman-dReny eo anivon'ny fiangonana FJKM izahay ary ireto indray no nanao ezaka nihaona tamin'ny Ray aman-dReny Kardinaly.
Notanterahina ny 10 jona 2022 ny fihaonana tao amin'ny trano fiasàn'ny Kardinaly. Ary namarana ny dinika izy, ka nanambara fa tsy mahatapaka irery fa hiantso ny mpiara-miasa aminy.
Niantso ireo Ray aman-dReny ireo indray izy ny 11 jona 2022, fa ho tohizana ny dinika ny 13 jona 2022.
Nifanaraka teo izy ireo fa hihaona aty aoriana kely. Kinanjo anefa, tsy nisy intsony ny antso fa ny 26 septambra lasa teo dia nantsoina teo anatrehan'ny fitsarana tampony indray ny raharaha.
Olona nandalo no nandrenesanay fa tsy nisy fiantsona anay akory.
Mametra-panontaniana izahay manoloana ny fihetsika asehon'ity Ray aman-dReny ity hoe "mbola izy ve no manetsika ny raharaha sa ny mpisolovava ihany no nanapa-kevitra?"



*Kardinaly, sy ilay Frera karana ary ny vicaire general any Toamasina.*

Tsy mankasitraka ny ezaka nataon'ny mpitondra fivavahana izay nanatitra ny alahelonay tany aminy ve izy? Ny fiaraha-midinika ve no tsy ankasitrahany sa tsy matoky ny fanamarinana eo am-pelatanany izy?
Sa tsy afa-miankina amin'ireo porofo izy, ka mampiasa izay mety ho hery eo an-tanany entina manindry ny manampahefana: na ara-pitsarana izany, na eo amin'ny fitondrana? »
Mahakasika ity fanambarana ity, nanamafy ny fisian'ny fihaonana ny Prezidà Synôdaly ny FJKM any Toamasina Vavahadin'ny Filazantsara: Emile Johnson William: fa voarain'izy ireo tokoa ny alahelo sy ny fitarainana ary tena nisy tokoa ny fihaonana indroa miantoana ireo (nihaona tamin'Andriamatoa Kardinaly). Niandry ny tohiny koa ireo Pasitera FJKM, no niseho ny fametrahana vato fototra tao amin'ny tany.
Mbola manantena ny hisian'ny fihaonana izahay, hoy ireo Pasitera FJKM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana, izy ireo dia mieritreritra fa ilaina ny diniky ny mpirahalahy.
Toa tsy nanaiky ny fanelanelanana aloha hatreto izany i Kardinaly sy ny ekipany ahitana ny vicaire general koa, sy ilay frera katolika ao amin'ny Saint Gabriel. Ny fifampiresahana ihany nefa no vahaolana hoy ny tompon'ny tany, sy ireo Pasitera avy amin'ny fiangonana FJKM any Toamasina.

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fanafarana biby avy any ivelany

### Famitahana ireo mpizahatany ho avy eto amintsika

Nanaitra ny sain'ny olom-pirenena maro, sy indrindra ireo mpandinika ny raharaham-pirenena ary nampihivingivina azy ireo mihitsy aza, ny teny nambaran'i Andry Rajoelina tamin'ny fotoam-pamaranana ny fivoriana momba ny drafitra fisandratan'i Madagasikara tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo teny amin'ny Ivato, ka nilazany ny amin'ny hanafarana biby miseho ao anaty horonan-tsarimihetsika « Madagasikara ». Efa be ireo fanehoan-kevitra fitsikerana momba izany izay hita ho mitombina avokoa. Anisan'izany ny filazana hoe ny hevitry ny vahiny tsy mitombina akory, fa azo hamarinina ny tsy fisian'ireny biby ireny teto amintsika. Ireny indray ve no heverina hisintona vahiny mpizahatany, fa tsy ny biby tsy fahita afa-tsy eto amintsika ihany? Ireny no misarika mpizahatany saingy tsy voakarakara araka ny tokony ho izy akory, mba tsy ilazana hoe tsy laharam-pahamehan'ny fitondrana. Hoan'ny mpandinika sasany dia karazany famitahana vahiny mihitsy izany. Tsy mianona amin'ny famitahana ny vahoaka ny fitondrana, fa hatramin'ny vahiny ihany koa toa fitahana amin'ity resaka biby "importé" ity. Farafaharatsiny mba biby "expatrié" no haverina na hampidirina eto, hoy ny sasany izay toa manao sarisary teny sy zary tenany nefa toa marina ihany. Moa tsy mitovy amin'ny natao teny amin'ny Lapan'i Manjakamiadana amin'ny fametrahana amboletra ny Colisée izany trangan-javatra izany?
Mahavariana ny mpitazana ny fomba fiheveran'ny fitondrana entina hampandrosoana ity firenena mahantra ity tao anatin'ny efatra taona latsaka izao. Tsy hita misongadina hatrany ny fifotorana, mba hampivoatra sy hanatsara ny fiainam-bahoaka sy ny maha maika ny vahoaka izay rotehin'ny fahasahiranana lalina sy gejain'ny fahantrana mangitsokitsoka andro aman'alina amin'izao fotoana izao. Tena fanafarana biby ve no maika noho ny fisian'ny mponina lazoin'ny tsy fanjarian-tsakafo sy misy maty mihitsy aza noho ny kere. Efa misy Malagasy mihinana ny tsy tokony ho fihinana hatramin'izay, kanefa toa milalao tanana fotsiny ny fahitana azy ny fitondrana manoloana izany. Fa fitondrana inona ity mitondra ny firenena Malagasy ity ? Hoy ny resaka mandeha eny amin'ny andavanandrom-piainana eny. Toa mihodinkodina fomba fiasa fotsiny manoloana ny fahoriam-bahoaka, fa tsy voajery sy vahana haingana anaty fotoana fohy ny olana maro samihafa mianjady. Hanan-kambara ny vahoaka amin'ny fanehoana ny heviny amin'ny fifidianana.

***Sôh'son***

FTMF

# Nahitana lesoka sahady ny fikarakarana fifidianan'ny Ceni

Mila mitandrina ny rehetra satria tsapa, fa mbola tena marefo ny tontolo politika eto amintsika, ka ahiana hiteraka krizy vaovao indray, hoy ny FTMF na Fikambanan'ny Tanora Mandala ny Fahamarinana, mba ho fampandrosoana ny Firenena. Nambarany, fa ao anatin'ny fikarakarana ataon'ny Ceni, ho fanomanana ny fifidianana hatrany am-piandohana dia efa nahatsapana sy nahitana fa misy ny lesoka. Nasongadiny tamin'izany ny momba ny fametrahana ny solontenan'ny firaisamonim-pirenena ao amin'ny Ceni. Na dia nisy aza ny « cadre de concertation », dia fombafomba fotsiny ny atao raha ny fahitany azy satria ny lalàna efa nivoaka, izay vao niroso tamin'ny fakana soson-kevitra. Ny fanatanterahana ny refonte electorale, izay tsy mifanaraka amin'izay voalaza sy baiko no hita eny am-panatanterahana ny asa mifanandrify amin' izany ; lasa miteraka ahiahy noho ny tsy fisian'ny mangarahara sy paik'ady matotra amin'ny fanomezana kopia faobe sy karapanondro faobe, izay sady mifanandrify amin'ny fanaovana refonte électorale.



*Ny filohan'ny FTMF.*

Miantso araka izany ny Fitondram-panjakana, ny Fiangonana, ny Firaisamonim-pirenena, ny mpanao politika, ny sehatra tsy miankina , ny mpanao gazety, ny FTMF ny mba hisian'ny fikaonandoha ho an'ny mpiantsehatra rehetra mahakasika ny tontolon'ny fifidianana, ka mila tsara jerena na ireo lalàna mifehy ny fifidianana, sy ny lalàna mifehy ny Ceni ary ny fombafomba rehetra mahakasika ny fifidianana. Miantso ny vahoaka ihany koa mba hijoro sy handray andraikitra sy hanefa ny adidy arak'izay tandrify amin'ireo dingana rehetra lalovana ao anatin'ny fifidianana izay atao. Ny FTMF kosa dia hanao ezaka lehibe arak'izay vitany, hanara-maso sy handray andraikitra mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana manerana ny Nosy, mba hahatratrarana ny tanjona dia fifidianana ao anatin'ny mangarahara sy fahamarinana ary ifanarahan'ny rehetra.
Entaniny ihany koa ny mpiantsehatra rehetra, mba hifanome tanana sy hanambatra ny hery, mba hahafahana mametraka amin'ny fomba demôkratika izay Mpitondra tiana hitondra ny firenena amin'ny fifidianana izay hatao, ka mba ho tanteraka ny tenin'ny fikambanana hoe « Safidy manan-danja ».
Marihina fa feno 20 taona ny FTMF, ka teny amin'ny Arrupe Faravohitra, no nanamarihin'ireo mpikambana ao aminy, notarihin'ny filohany Ramiarondrabe Hajason, izany tsingerin-taonan'ny fikambanany izany.

***Sôh'son***

FJKM Ivato seranana

# Tontosa ny alahady teo ny fetin'ny taranaka

Andro lehibe ho an'ny fiangonana FJKM Ivato Seranana Vavahadin'ny lanitra ny alahady 30 oktobra lasa teo . Tonga maro nidera an'Andriamanitra tamin'izany ny taranaky ny fiangoanana, niaraka tamin'ireo zanaka ampielezana. Marihina fa roa sosona ny fotoana tamin'io, satria teo no nankalazàna ny faha 150 taona ny fiangonana. Ny zoma dia efa niaraka nankalaza ny Tompo ny zanany rehetra, nampiseho ny talentany ireo sampana velona ao anatin'ny fiangonana. Teo ihany koa no nanolorana mari-pankasitrahana ho an'ireo ankizy sy tanora afaka fanadinana. Nofaranana tamin'ny sakafom-piraisana ny fotoana, niarahan'ny taranaka rehetra .

***Helisoa***



*Ny fanompoam-pivavahana ny alahady lasa teo.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tonga amin'ny tenin'ilay nahandro vato : araka ny rony dia masaka

Izao tokoa no tonga amin'ny fitenenan'ilay nahandro vato hoe: "araka ny rony dia masaka"! Raha hiverina any amin'ny nampisehoana voalohany tany Parisy ny IEM dia toa hisandratra ambony dia ambony, tsy hisy toa azy tokoa, ity Nosy ity ka hitodidoha aty Madagasikara avokoa, na ny mpampiasa vola na ny mpampindram-bola na ny mpandranto fahaizana amam-pahalalana na ny mpitady asa. Taona efatra hono no nanomanan-dRajoelina Andry ity vinany ity. Tsy niainga tamin'ny zava-misy sy izay niainan'ny Malagasy izany, fa heverina ho nalaina tahaka tamin'izay hitany sy nofinofiny fotsiny. Manaporofo izany ny fiovaovan'ny anaran'ny programany rehefa tonga teo amin'ny toerany ity filohan'ny Repoblika IV-2 ity. Rehefa nanomboka ny asa maha filohan'ny Repoblika ihany koa izy dia mamory vahoaka ary manao "velirano" entiny mamaha ny olana tena manahirana ny mponina. Santionany amin'izany ny làlana iray ao Ambatondrazaka, ka nilazany fa "tsy hanainga zipo" intsony ny vehivavy. Toy izany koa ny làlam-pirenena faha-13 izay nanaovany velirano, fa "tsy hanao politika intsony izy raha tsy vita ity làlam-pirenena ity". Tafiditra teto Madagasikara ny valanaretina covid-19 dia nidehaka izy, fa "hitodika aty avokoa ny mason'izao tontolo izao", satria nahita fanafody na fiarovana amin'ny valanaretina, CVO, ny gasy. Nitaraina ny vahoaka any Atsimo noho ny tsy fandriampahalemana dia nanao velirano ny filohan'ny Repoblika, fa hividy angidim-by sy "drone" hanarahan-dia sy hamongorana ny asan-dahalo. Tsy izay no setrin'izany, fa nanao fifanarahana ara-tafika tamin'ny Rosiana ny fitondrana, ka nividy fitaovam-piadiana mahery vaika, angamba ho entina miady amin'ny mpanani-bohitra. Etsy an-kilany dia haintany tsy misy fitsaharana koa any dia hanao fantsona, ankoatry ny efa misy avy any Ampotaka, ho an'ny fambolena sy ho sotroin'ny mponina sy ny biby fiompy, Rajoelina Andry. Nirefodrefotra ny tehaka ary niredona ny fisaorana nataon'ny nanatrika ireo fampanantenana ireo. Miditra amin'ny taona fahadimy nitondrany Rajoelina Andry, ka tsy mitsahatra ny mampanonofy sy mampanantena volana sy kintana ho an'ny Malagasy izy. Mahatsapa angamba izao fitondrana izao, fa tsy mamaly ny filàn'ny firenena ny fampianarana ka nanaovana dinikasa nentina nanitsy ny PSE ary mety ho foanana ny fanadinam-panjakana CEPE sy ny BEPC, izay mampametra-panontaniana hoe hitondra mankaiza hoan'ny ankizy malagasy. Tsy vitan'izay fa nambaniana sy notsinontsinoavin-dRajoelina Andry ny mpampianatra Malagasy, fa hanafatra mpampianatra avy any Italia sy Frantsa ary Etazonia izy. Ny olana dia ny mpampianatra eto an-toerana, na eny amin'ny Ambaratonga Ambony, na ny eny amin'ny Ambaratonga faharoa sy fototra aza tsy voaloan'ny fitondrana ny karamany ary tsy misy trano ipetrahany, ka vola avy aiza no handoavana ny karaman'izany mpampianatra avy any ivelany izany. Mahazatra izao fitondrana izao ny mamory olona hakana hevitra hampandrosoana an'i Madagasikara, ka faran'ny herinandro teo, niantso ny mpampiasa vola, tsy ny avy eto an-toerana ihany fa ny avy ivelany ihany koa, nanolorana ny PEM indray. Ny lohahevitra nisongadina sy nanaitra ny maro dia ilay fanafarana bibidia avy atsy Afrika, mba hisarihana ny mpanambola eo amin'ny sehatry ny fizahantany hananganana hotely kintana dimy any amin'ny faritra arovana no hametrahana izany bibidia hafarana izany. Misy foana ny mpitehaka sy mpankasitraka izany rediredy izany, kanefa tsy mahafantatra ny tontolo manodidina hiantraikan'ny tetikasa, satria hanafatra sy hamboly ny zavaboahary sakafon'izany biby izany koa ve ary ahoana ny fiarovana ny mponina miorim-ponenana manakaiky ny toerana hametrahana azy. Tsy hektara no ilaina fa amina kilometatra tora-droa an-jatony maro, mba tsy hilazana hoe anarivony na analiny kilometatra toradroa. Maro ireo vato nandrahoina tsy nety masaka, ka nosoloina kanefa dia ny ranony fotsiny no manodoka fa tsy hitondra izay vokatra andrasana velively na ho tonga aza ny fifarananan'ny fepotoam-piasana faharoa na fahatelo, raha hisy. Tsy ny tantara no hitsara fa ny zava-misy sy iainana no hamaritra ny andraikitra ho raisina, manoloana ny raharaham-pirenena sy ny fitantanana ny Firenena. Efa leom-boanan'anana ny Malagasy, ka tsy tia zava-boribory intsony; teloambinifolo ny velirano, efa avo telo heny izany amin'izao fotoana izao, ka ny an-tratra tsy lavo dia hiantso an'dRainilahibe ihany ve?

***Andry Tsiavalona***

Profesora Jonah Ratsimbazafy

# Misavoamboana ny filoha Rajoelina

Raha tsy tonga saina sy tsy mandray ireny teny nambaran'ny profesora Ratsimbazafy Jonah ireny i Andry Rajoelina, sy ireo mpiara-miasa sy ireo miara-dia aminy rehetra dia tsy ho tonga saina intsony. "Apetraho amin'ny tany ny tongotra aloha…", hoy izy , raha naneho heviny momba ny amin'ny fikasana hanafatra biby voalaza amin'ny horonantsarimiaina nataon'ny vahiny. Midika izany fa tena misamboavoana ny filohampirenentsika amin'ny fanehoan-kevitra. Efa be ny fanehoan-kevitra sy kiana nataon'ny olom-pirenena maro isan-tsokajiny momba izany, fa ny an'ny profesora no ambara eto. Azo ambara ao anatin'izany ny filazana fa tsy mijery ny zava-misy marina eto amin'ity firenena ity sy ny iainan'ny vahoaka malagasy ny fitondrana. Zary amina kitaitaitra no andraisana




*Profesora Jonah Ratsimbazafy.*

fanapahan-kevitra sy hanaovan-javatra izay misy goavana. Ny manam-pahaizana malagasy toy itony no tokony hiarahan'ny fitondrana miasa akaiky sy hakany hevitra amin'ny fanapahan-kevitra lehibe raisina eto amin'ity firenena ity. Zary atao ankilabao na anjorom-bala sy tsy omena toerana ireo manam-pahaizana ireo. Miharihary tsara izany toe-javatra izany tamin'ny filazan'i Andry Rajoelina ny hanafatra mpampianatra vahiny marobe hiasa eto. Tena fanaovana tsinontsinona ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra malagasy izany ary miendrika fanambaniana azy ireo mihitsy aza ny fahitana azy. Maneho ihany koa ny tsy fahafantarana marina ny lanjan'ny mpampianatra malagasy sy ny sekoly eto amin'ny firenena izany. Mazava loatra fa tsy fahaizana mitondra firenena velively izany, ary noporofoin'ny profesora tsara izany tamin'ny fanazavana nataony tamin'ity herinandro ity. Asa ireny fanazavana marobe nataony ireny, izay misolo tena ny manam-pahaizana malagasy rehetra, raha tonga any ampototsofin'ireo olon'ny fitondrana na mbola antso an-tany efitra hatrany toy izay efa nisy hatrizay. Raha mbola toy izay fomba fiasan'ny fitondrana hatramin'izay ihany no ataony amin'ny fifandraisana amin' ireo manam-pahaizana malagasy avara-pianarana, dia hanantena inona ny vahoaka malagasy.

***Radafy***

Apostoly Tsaratsara

# Handrava ny fahefan'ny Francmaçon manomboka eto amintsika



Mihantsy fifandonana amin'ny alalan'ny asa fanafahana mivantana amin'ireo mpanompon'Andriamanitra iraky ny fikambanana « Franc Maçons » ny Apostoly Tsaratsara, filoham-boninahitry ny fikambanana FIFAMADA (Fanorenana ifotony ny Fanjakan'Andriamanitra eto Madagasikara), mba hahafantarana hoe iza marina no tena mpaminany sandoka. Nilaza ny Apostoly Tsaratsara, fa tezitra ny Ray any an-danitra satria tsy rariny intsony ny zavatra ataon'ny « Franc Maçons », sy ny mpanompo sampy ary ireo olona manohitra ny asan'Andriamanitra, manoloana ny fampahoriana ny firenena ary efa tafiditra ao amin'ny fiangonana ny fahavetavetana izay manaiky ny fanambadian'ny olona mitovy fananahana. Nilaza ny filoham-boninahitry ny fikambanana FIFAMADA, fa misakana ny asa fanavotana ny Malagasy izay nanirahan'ny Ray azy ireo mpanompon'ny « Franc Maçons » ary tsy mitsahatra manohitra amin'ny alalan'ny toriteny ireto farany, no sady mivoy fa mpaminany sandoka ny Apostoly Tsaratsara. Nanamafy ny filoham-boninahitry ny FIFAMADA, fa ny fahavononan'ity farany handresy ny « Franc Maçons », no hery lehibe sy fitaovana entina handravana ny fahavalo ary tsy maintsy hilefitra eo anatrehan'ny Apostoly Tsaratsara ireto farany afaka fotoana fohy, satria mahery ny Tsara hoy izy. Tsy hiandry fotoana lava intsony ny Apostoly Tsaratsara amin'ny famonjena ny olon'Andriamanitra ary hiezaka hanazava ny sain'i Malagasy, amin'ny alalan'ny fitsofana ny anjomara. Namarana ny fanehoan-keviny ny Apostoly Tsaratsara, fa jamba tsy mahafantatra an'ity irak'Andriamanitra ity hono ny olom-pirenena hatramin'izao, kanefa tsy hampihemotra velively an'ity farany izany, mandram-paharesy ny fahavalon'Andriamanitra.

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### Hilatsaka indray !

Hilatsaka indray ilay tsy mahay manisa.  
Ny mety dia mba mitandrema amin`ny sisa,  
Ka aza mba jamba na koa pahimpahina,  
Mbola ho sodokan`ny kavim-barahina !

Hilatsaka indray ity ilay very tadidy,  
Ilay zatra sy tia mampisotro mangidy.  
Tsarovy ireo teny fampanantenany,  
Ary ilaozy fa tsisy tanterany izany !

Hilatsaka indray ity ilay be ambozizy  
Sy efa malaza ho mpamboly krizy,  
Ka tsotra ny teny ampitaina aminao:  
Andeha hohalavirina toa fasam-bao !

Hilatsaka indray ity ilay tary mpikosoka.  
Ho be indray ny lisitra tena vorosoka.  
Avia mijoroa , aza mikombom-bava,  
Tohero ny volomboasary mpandrava .

Hilatsaka indray ilay tsy mahafehy tsara  
Ny fomba sy riba ary koa ny tantara,  
Ka aza mifidy ny olon-toy ireny,  
Satria efa henatry ny fireneny !

Hilatsaka indray Rainilainga malaza,  
Ilay zatra ny kobaka sy ny hevi-jaza,  
K`aleo re ny sofina no hotampenana  
Fa ny taloha aza anie nanenenana !

Hilatsaka indray ity ilay tsy ampy solaitra,  
Kanefa aoka hitony , aza dia taitaitra,  
F`izao no itarafana aty am-piaingana  
Ny donto tsy mety manara-dalàna .

Hilatsaka indray ilay ihandronan`ny tsiny.  
(Ilay saribakolin`iretsy vahiny!)  
Ka aza sodokan`ny teny mampiesona,  
Fa mba meteza amin`izay haka lesona !

***IRINA HO TAFITA (29-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fankalazana ny fetin'ny taranaka tao amin'ny FJKM Ivato Seranana Vavahadin'ny Lanitra ny alahady teo.**









**Ny hetsika nataon'ireo mponina any amin'ny lemaka Bas Mangoky ao Ambahikily sy Tanandava Station, distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana, mitaky ny famerenana aminy ny taniny tamin'ity herinandro ity.**











## NY TENY FIAINANA

*Ary hoy Jesoa taminy: anaka, ny finoanao no nahavonjy anao; mandehana amim-piadanana.*
***Lioka 8:48***

**BASKET ELITE 16 ROAD TO BAL 2023**

# Ny Elan Coton (Benin) sy NBA Academy no nasaina



*Basket To Bal 2022.*

Nanambara ny "Basketball Africa League" sy ny FIBA fa ekipa roa no nasain'izy ireo hiatrika ny fifanintsanana Elite 16 hatao any Abidjan (15 ka hatramin'ny 20 nôvambra 2022) sy any Cape Town (22 hatramin'ny 27 nôvambra 2022) dia ny Elan Coton (Benin) sy NBA Academy. Vondrona E (Abidjan, 15-20 nôvambra) : AS Salé (Marocco), FAP (Cameroon), SLAC (Guinea), Abidjan Basket Club (Côte d'Ivoire), Stade Malien (Mali), Elan Coton (Benin), Bangui Sporting Club (Afrika Afovoany), Nueva Era BC (Guinée Equatoriale), Vondrona F (Cape Town, 22-27 nôvambra): Ferroviario da Beira (Mozambika), Cape Town Tigers (Afrika Atsimo), Cobra Sports (Soudan Atsimo), NBA Academy, Urunani (Burundi), City Oilers (Oganda), Club Omnisports Police Nationale (Madagascar) sy Kenya Ports Authority (Kenya). Marihina fa ny ekipa 3 voalohany isaky ny vondrona no tafita hiditra amin'ny ekipa tompondaka : US Monastir (Tunisia), Petro Luanda (Angola), Al Ahly (Egypt), Rwanda Energy Group (Rwanda), AS Douanes. (Sénégal), ary ny ekipa tompondakan'i Nizeria.

***Rainilita***

**Basket Championnats Nationaux 2022**

# Mamarana ny hetsika anio sabotsy

Nahazoam-bokatra « homologués » ireo lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana basikety vehivavy « Championnat National Dames 2ème Phase » notontosaina tamin'ny alakamisy 03 novambra 2022 lasa teo : COSPN 2 Atsinanana vs TGBC Betsiboka : 64-40, TAMIFA Amoron'i Mania vs SERASERA Vakinankaratra: 64-61, ANKARATRA Vakinankaratra vs ASCUT Atsinanana: 60-40, MB2ALL Analamanga vs SBBC Boeny : 102-46. Omaly zoma 04 novambra 2022, araka izany no nanatanterahana an'ireo lalao ankatoky ny famaranana ho an'ity sokajy vehivavy ity ka nifanandrinan'ny MB2ALL Analamanga sy ny TAMIFA Amoron'i Mania an-daniny ary ny ANKARATRA Vakinankaratra # COSPN2 Atsinanana an-kilany. Ny an'ny sokajy lehilahy « Final Four N1 A Hommes » kosa dia nifanandrinan'ny COSPN Analamanga sy ny AS CUT Atsinanana tamin'ny 6 ora hariva tamin'io zoma 04 novambra io ihany. Teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana lehilahy ny GNBC Analamanga vs COSPN Analamanga : 50-61, ny ASCUT Atsinanana nandresy ny SEBAL Boeny, Mamarana ny hetsika izany anio sabotsy ity fifaninanam-pirenena N1 A 2022 ity.

***Rainilita***




*Basket N1 A teny Mahamasina.*

**Asief Vainqueur de coupe 2022**

# Hangotraka eny amin'ny Toby sy Lma anio



*Asief volley- ball 2022.*

Eny amin'ny kianja "Terrain Toby Ratsimandrava Andrefan'Ambohijanahary" sy eny amin'ny kianja "Terrain Minae Anosy" no hanatanterahana ny lalao basikety baolina amin'ny fifaninanana « Asief Vainqueur de coupe 2022 » anio sabotsy 05 novambra 2022 ary eny amin'ny kianja LMA Ampefiloha kosa no hanatanterahana ny lalao volley ball volley ball tokony ho natao tamin'ny asabotsy 29 oktobra 2022 teo nefa tsy tontosa noho ny olana ara-kianja. Fandaharan-dalao Basikety : Terrain TOBY RATSIMANDRAVA 8h: EMA # JUSTICE（D） 9h: PBZT # JUSTICE（V） 10h: MATSF # CUA（J） 11h: PRIMA # TRESOR（J） Terrain MINAE 8h: MINAE # MEDD （D） 9h: MEF # PRM（V） 10h: MEDD # MEN（V） 11h: MEN # PRM（J） Fandaharan-dalao volley ball manomboka amin'ny 8 ora : -CUA # MEF 2 - SENAT # MESUPRES - A.N # PRM.

***Rainilita***

**Volley Ball**

# Anio sabotsy ny famaranana ny coupe de Madagascar U23

Ho tontosaina anio sabotsy 05 novambra 2022 hanomboka amin'ny 10ora30 maraina sy amin'ny 12ora atoandro etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina ireo lalao famaranana amin'ny fifaninanana volley ball « Coupe de Madagascar U 23 2022 » sokajy lahy sy vavy izay hialohavan'ireo lalao fiadian-toerana faha-3 sy faha-4 ho tontosaina hanomboka amin'ny 7:30 sy amin'ny 9 ora maraina. Tena nangotraka aok'izany ireo lalao ankatoky ny famaranana notontosaina omaly zoma 04 novambra 2022 ka nahatafavoaka ny ekipa vehivavin'ny CCVB sy GNVB hanao an'izany famaranana izany nanoloana ny ASI sy ny BI'AS. Ny teo amin'ny sokajy lehilahy kosa dia mbola teo am-pikatrohana tanteraka tamin'ny fotoana nanoratana an'ity gazety ity izay nifanandrinan'ny GNVB sy ny ASI an-daniny ary ny CVBF sy ASSM an-kilany.

***Rainilita***

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanalana faritra mainty na tasy amin'ny elakelam-pe, helika,…



Fanalana faritra mainty na tasy amin'ny elakelam-pe, helika,… no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Iray amin'ireto no ampiasaina:

- Tamotamo vovony sy voasarimakirana.
- Tamotamo vovony sy vinaigre de cidre de pomme.
- Ronono sy huile de coco.
- Aloe vera na vahona gel sy tamotamo vovony.
- concombre kikisana dia ranony no ahosotra.
- Tamotamo sy tantely.
- karibonetra sy voasarimakirana na vinaigre de pomme de cidre.
- Afaka mampiasa colgate koa hasiana karibonetra.

Atao 1 sotro kely avy ireo dia afangaro tsara ary ahosotra amin'ny faritra misy ilay mainty ireo dia havela eo 30 min izay vao sasana. Atao isan'andro mandrapahafaka azy.

Sady manala ilay mainty ireo no manala fofona.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampasipotsy Gara any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ampasipotsy Gara any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasipotsy Gara ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria, 964 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Araka ny maha gara azy izay, mandalo ao Ampasipotsy Gara ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina (TCE). Mandalo any koa ny lalampirenena faharoa (RN 2). Vokatra any ny vary, ny voankazo isankarazany toy ny letchi, ny manga, ny longoza. Vokatra any ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka.



AMERICAN CORNER

# Hampifandray an'i Mahajanga sy i Etazonia ary izao tontolo izao



*Ny lanonana tany Mahajanga tamin'ity herinandro ity.*

Notokanan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo tamin'ity herinandro ity tany Mahajanga ny habaka harifomba: American Corner. Hampifandray an'i Mahajanga amin'i Etazona, sy izao tontolo izao ny American Corner Mahajanga. Notokanan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo, ny Governoran'ny Faritra Boeny Mokhtar Salim Andriantomanga sy ny Filohan'ny Delegasiona Manokan'i Mahajanga Tonganirina Zafiarinefo Velomary ary ny Tonia Mpanatanteraky ny Fondation Axian Isabelle Salabert, ny American Corner any Mahajanga, izay vao nohavaozina ary niverina nisokatra ho an'ny rehetra indray.

Notsipihan'ny Ambasadaoro Pierangelo, fa manan-danja ny fitokanana izay natao, satria " ny fisokafan'ity American Corner Mahajanga ity dia mampiseho ny fanavaozan'ny governemanta amerikana ny fahavononany hiarahiasa amin'ireo mpiaramiombon'antoka, amin' ireo izay nisitraka ny tetikasa fifanakalozana notohanan'ny governemanta amerikana, ireo mpikambana ao amin'ny American Corner ary ianareo rehetra manatrika eto, mba hahatonga an'i Mahajanga, ho mpandray anjara feno amin'ny zavamitranga eto amin'ny firenena Malagasy sy maneran-tany, indrindra amin'ireo lohahevitra manan-danja, na ho an'ny eto an-toerana manokana na maneran-tany."

Tamin'ny taona 2005 no nisokatra ny American Corner Mahajanga, vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara sy ny Lycée Philibert Tsiranana; io ivotoerana io dia niasa ho an'ny mponin'i Mahajanga, indrindra ny mpianatra, hatramin'ny taona 2020. Ny ivotoerana vaovao izay napetraka ao amin'ny Wello Center Mahajanga Be dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny Masoivoho Amerikana sy ny Fondation Axian ary ny fikambanana Saint Gabriel Mizara. Niantoka ny fampitaovana ny ivotoerana, izay mitentina 50 000 dolara ny vahoaka amerikana, tamin' ny alalan'ny governemanta amerikana. Ny Fondation Axian izay tarihan'ny Tale Jeneralin'ny Vondrona Axian Hassanein Hiridjee dia nanome 12 000 dolara nanavaozana ny toerana, niampy internet haingam-pandeha; ary avy amin'ny fikambanana Saint Gabriel Mizara ny mpandrindra ny ivotoerana, izay hikarakara ireo hetsika atao isan'andro sy ny fampihodinana ny ivotoerana.

Ny governemanta amerikana dia miara-miasa toy ny "mpirahalahy mianala" amin'ny governemanta sy ny vahoaka Malagasy. Ny American Corner Mahajanga dia iray amin'ireo American Corner 3 eto Madagasikara ary ao anatin'ny tambazotra izay misy ivotoerana 700 tantanan'ny governemanta amerikana maneran-tany, mba hahafahan'ny rehetra misitraka vaovao marim-pototra momba an'i Etazonia sy izao tontolo izao.

***Aly***

Sommet International de la prediction andiany faha3

# Manosika ny kristiana hiverina amin'ny hevitry ny baiboly



*Ny fihaonambem-pirenena momba ny baiboly teny amin'ny By-pass ny herinandro lasa teo.*

Betsaka ireo loharanonkevitra raisin'ny vahokan'Andriamanitra, izay tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra ijoroan'ny Soratra masina. Maro ireo mpanompon'Andriamanitra nanatrika ny fampianarana natao, nandritran'ny hetsika "Sommet International de la prédiction" andiany faha 3, izay natao tetsy amin'ny 'Espace La Colonnade" By pass nanomboka ny alarobia lasa teo. Nilaza Andrimatoa Ravoahangy Faly tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny fikambanana "Madagascar 3 M" ity, fa lohahevitra maro no nentin'ireo mpanompon'Andriamanitra nampianarina ny mpandray anjara, tao anatin'izany ny fampahafantarana ny Kristianina ny atao hoe "Ny Fanambarana": miainga avy amin'ny Salamo faha 90; ny fanazavana fa "Velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra": miainga avy amin'ny Hebreo 4:12; ny fanazavana ny asan'ny Fanahy masina, izay mandresy lahatra sy manazava ny sain'ny olona: miainga avy amin'ny I Koritianina 2:1. Nanohy ny fanehoan-keviny ny mpikarakara, fa hita nandritra ny hetsika ara-panahy ihany koa ny fizarana asa isambondrona, izay natao'ny mpandray anjara, nentina nandinihina ny teny famaniana; ny fanasitranana; ny tenin'Andriamanitra, manoloana ny fahatsapan'ny olona; ny momban'ny lehilahin'Andriamanitra. Nanamafy Andriamatoa Ravoahangy Faly, fa nisy ihany koa ny atrik'asa ahafahan'ny mpandray anjara nametraka fanontaniana momban'ny famoahan-kevitra ny Baiboly; ny ady hevitra natao'ny mpisehatra momba ny fanomezampahasoavana tamin'ny andro taloha sy ny ankehitriny. Marihina fa mpanompon'Andriamanitra avy amin'ny firenena maro, no tonga nampianatra ny Kristianina nandritra ny 4 andro ao anatin'izany Andriamatoa Conrad Mbewe; Josh Buice; Justin Peters; Timothée Minard; John Glass; Rich Gregory; Philippe Viguier; Faly Ravoahangy; Haja Ralambomanana. Tsiahivina fa nifarana tamin'ny sabotsy ny hetsika ara-panahy ary ny tanjon'ny fifanakalozan-kevitra dia ny fivoizana, fa ampy ho an'ny ondrin'Andriamanitra amin'ny fitarihana azy ireo ny fitrandrahana sy ny fanazavan'ny Baiboly.

***Franck Razakambelo***

Dr Rakotonoely Domoina

# Misy fiantraikany ratsy amin'ny olombelona ny fandorana ala



Ho betsaka ny olona harary tratra ato ho ato, satria ho simba tanteraka ny rivotra iainana, noho ny fikorontanan'ny "Gaz Carbonique" sy ny "Oxygéne », vokatry ny doro-tanety nataon'ny olona tsy matahotody, hoy i Dokotera Rakotonoely Domoina, mpitsabo etsy amin'ny totohabato Ambondrona. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa hiha-ratsy ihany koa ny kalitaon'ny sakafo hohanin'ny Malagasy ato ho ato, satria ravan'ny afo avokoa ny tontolo iainana, izay iankinan'ny fahaveloman'ny hazo sy ny voly fihinanana. Nanamafy ny Dr Rakotonoely Domoina, fa hiparitaka faran'izay haingana ny aretina Pesta manomboka izao, satria hiakatra an-tanàna ny voalavo sy ireo biby maro samihafa vokatry ny fiitaran'ny afo avy amin'ny doro-tanety ary tsy misy afaka hisakana an'ireo biby ireo hamindra aretina amin'ny olombelona intsony, satria efa maty kilan'ny afo avokoa ny bibilava izay tokony hitelina azy ireo eny an-tsaha. Nanamafy ity mpitsabo etsy amin'ny totoha-bato Ambondrona ity, fa hirongatra ny aretin-koditra ato ho ato, noho ny fahasimban'ny tara-masoandro vokatry ny tsy fahampian'ny ala ary hitondra faisana amin'ny fandorana ny tanety ny taranaka Malagasy raha izao no mbola hitohy.

***Franck Razakambelo***

Famoronana hira

# Mizara ny talentany i Zoky Faliana



*Zoky Faliana, tononkalo no niaingan'ny famoronany.*

Ranaivozandry Faliana Jarich, no tena anaran'ny tovolahy. Fantatry ny maro amin'ny hoe : "Zoky Faliana" eo amin'ny habaky ny hira sy ny mozika. Ankoatry ny talenta voajanahary ananan'i Zoky Faliana, izay nampiany fianarana ny solfa sy ny solfezy eo amin'ny lafiny famoronana hira evenjelika mifaka amin'ny foto-pinoana (dogmatique) dia nandalina ny sehatry ny fitendrena zavamaneno tahaka ny saxophone, vatamaroafitsoka, sns… ihany koa i Zoky Faliana.
Hananika ny faha- 10 taona namoronana hira sy nandrindrana izany amin'ny taona 2023 hitsidika io ny tovolahy. Tsy mamihina ho azy samy irery ny sanganasa voajariny Ranaivozandry Faliana Jarich, fa mizara izany amin'ireo vonona ny hitory ny filazantsara sy hanabe voho ny taniketsan'ny finoana kristianina. Maro, araka izany, ireo fiangonana efa nanjifa ny voka-kantony. Singanina amin'ireny ny STK etsy amin'ny FJKM Manarintsoa finoana, sy ny STK Amparafaravola, sns... Anisan'ireo hira voalondohany novokarin'i Zoky Faliana ny "Fiadanana" manodidina ny 50 isa ankehitriny, ireo hira mitaiza fanahy, vatana ary saina voajariny. Tsy misalasala manome toro-lalana sy tolo-tanana ho an'ireo "Liankanto" vonona ny hampiasa ny talentany ho amin'ny asa fitoriana ny filzantsara i Zoky Faliana. Anisan'ireny ny fiketrehana raki-peo sy sary izay miaradalana mandrakariva amin'ny famatsiana tononkira efa misy feony. Nomarihany fa afaka mamorona hira, araka izay, gadona takian'ireo mpanakanto ny tovolahy. Ny pejy face book "MC ZookLiana.com", no ahafahana miserasera amin'ity tovolahy manana talenta marolafy, nobeazina tanatin'ny finoana kristianina ary novolavolain'ireo nahitany masoandro hankafy mandrakariva ny hira sy ny mozika ity.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Zava-kanto

# Miala any i Lica amin'ny mozika trôpikaly



*Lica, mivoy ny mozika trôpikaly.*

Tapa-kevitra ary mirona tanteraka amin'ny filalaovana ny gadon-kira mihetsika « Mozika trôpikaly » tahaka ny afro beat, tsapiky, sud af, sns… i Randrianiriana Olice, mpanakanto, Zanak'i Manakara ary misalotra ny solon'anarana hoe : « Lica » eo amin'ny sehatry ny mozika.
Mampiavaka an'i Lica ny fananana ilay feo mifanakaiky tanteraka amin'ny feon'Andriambavilanitra. Nomarihany fa voajanahary izany ary ezahany hatrany ny mikolokolo azy, ho fitaovampamokarana mahomby hanajariana taokanto. Tombony ho an'i Lica ihany koa ny talenta eo amin'ny lafiny famoronana tononkira sy ny feon-kira sahaza izany. Misy hafatra miendrika anatra mora takarina ny tononkirako, hoy i Lica, mba ho tanteraka ara-bakiteny tokoa ilay hoe : « Mpanabe sy mpitondra hafatra ny Mpanakanto ».
Ampahany amin'ireo sanganasa nahafantarana ity mpanakanto ity, ny « Tsy magnino» sy ny "Foko tsy vy". Andalam-piketrehana ny vazo vaovao « Samy vita », izay narindra amin'ny gadona tsapiky nasiam-panatsarana ankehitriny ny tovolahy. "Samy vita », izay nojariana manokana hiatrehana ny Asaramanitry ny faran'ny taona. Azo ambara ho taniketsan'ny hira tropikaly eto Gasikara, araka izany, i Lica. Ity farany izay vonona hiara-hisalahy amin'ireo tsara sitra-po, ho fanabeazam-boho ny kanto an-kira Malagasy.

***Lalasoa Razafindrakoto***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/11/2022 hatramin'ny 12/11/2022**

- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1363-11-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## LEMAKA BAS MANGOKY ANY AMBAHIKILY

# Tsy manaiky lembenana amin'ny taniny ny tantsaha

Tsy manaiky lembenana amin'ny taniny ny tantsaha, mangataka ny hiasa amin'ny taniny amin'izay ireo tantsaha tompon'ny tany, any amin'ny lemaka Bas Mangoky any amin'ny kaominina Ambahikily sy Tanandava Station, any amin'ny distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana. Efa ho 5 taona tsy namboly vary ireo tantsaha mpamboly any amin'ity lemaka midadasika ity. Sahirana izy ireo noho izany.

Nohajarian'ny fitondrana tamin'izany fotoana, sy ny BAD : Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana, ny lemaka Bas Mangoky, namboarina ireo lakandrano fitarihandrano, nasaina niala tamin'ny tany ireo mpamokatra, ka rehefa vita ny fanajariana dia hiverina amin'ny taniny ihany izy ireo, ka ny 70% ny tany no miverina aminy, fa ny 30% kosa ho an'ny fanajakana ho sandan'ny fanajariana sy ho zaraina amin'ireo mbola tsy manana tany ho volena.

Ankehitriny, mangataka ny hamerenana ny taniny amin'izay ireo tantsaha any amin'ny lemaka Bas Mangoky ao amin'ny kaominina Ambahikily sy Tanandava Station distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana ireo, ka hampiharina ny fifanarahana voalohany tamin'ny BAD, milaza fa : ny 70% ny taniny dia haverina aminy, fa ny 30% no homena ny fanjakana hatolotra izay tsy manana. Nisongadina izany tamin'ity herinandro ity, nandritra ny hetsika nataon'ireo tantsaha tompon'ny tany tao Ambinda Ambahikily, natrehan'ny depioten'i Morombe Eddy Eddy Adolphe, sy nandritra ny tafa ho an'ny mpanao gazety nataon'ny solontenan'ireo mponina ireo tao Ambahikily. Tsy ekena ny valeur vénale, izay napetrak'ireo mpizara tany: CAT (Comité d'Attribution des Terres), hoy ireo tantsaha. Ny valeur vénale izay nampifamadika ny fifanarahana tany am-boalohany, ka lasa ny tany 30% no ho an'ireo tantsaha tompon'ny tany, fa lasa ny 70% no ho an'ny fanjakana. Tsy ekena izany hoy ny solontenan'ireo mponina Raharison Durlin, fa ny ampahany betsaka amin'ny tany ihany no ho an'ny vahoaka tompon-tany.

Mahakasika ity raharaha ity, raha tsy hisy intsony ny fifampidinihana, hiverina hamboly ireo tantsaha raha vao tonga ny orana sy mandeha ny rano, hoy ihany koa ny solontenan'izy ireo : Andriamatoa isany Randrianarisoa Thomas avy any Tanandava Station sy Andriamatoa Rigy Bernard avy ao Ambahikily.

An'arivony ireo tantsaha tompon'ny tany, mitaky ny famerenana ny taniny any amin'ny lemaka Bas Mangoky, ao Ambahikily sy Tanandava Station ireo.

Nambaran'ny depioten'i Morombe, Eddy Eddy Adolphe, fa mbola hitondra ny raharaha indray, amin'ny ambaratongampitondrana samy hafa izy ho famahana izao olana izao.

**Isambilo**

Kaoperativa G

# Be ireo mpamily tsy mahalala fomba tsy manàja mpandeha


Ny zava-nitranga tamin'ny herinandro lasa teo no nahitana tsar ny tranga momba izany. Kaoperativa G zotra Cité Itaosy – Marobiby no hita niharihary, fa tsy araka ny filazan'ny mponina mody amin'iny tanànan'i Marobiby ao anaty kaomina Fiombonana, distrika atsimondrano iny. Teny feno avonavona re izao natao tamin'ny mpandeha izao raha mba niangavy ny mba hatao moramora ilay hira nandeha tamin'ny radio tsy miankina iray. Familafilana mahitsy no nataon'ilay mpamily ary tsy niahotra niteny, fa izay tsy mahazaka ny hamafin'ny hira amin'ny radio dia mahazo mìala izy. Nambarany fa tsy mitambitamby mpandeha izany izy. Efa fanaon'io mpamily iray io izany raha araka ny filazan'ny mpandeha. Ary tsy izy irery ihany no mahay vava amin'ny mpandeha izany sy manao fihetsika jiolahim-boto, fa maro amin'ireo mpamily ao anatin'ity zotra na kaoperativa ity no manao izany toetra ratsy tsy manaja mpandeha izany. Kaoperativan'ny anjakan'ny mpamily jiolahim-boto izany ity kaoperativa G ity raha araka izao fitantaran'ny olona mpandeha na ny mponina izao. Mpamily tsy mendrika ny hanao asa fitateram-bahoaka velively. Ary asa izay mba tompon'ireny fiara fitateram-bahoaka iasan'izy ireny izany? Manao ahoana ny fandraisana ho mpiasan'izy ireo? Sa mety aminy ny toetra toy izany. Ny kaoperativa G rahateo dia anjakan'ny baranahiny amin'izay maha diavolana ny sain'ny mpamily amin'ny fitateram-bahoaka. Aiza ny ATT amin'ny fanaraha-maso ny toe-javatra toy izany, sy hamerenana ny hasin'ny mpandeha? Tena manao ny asany sy ny andraikitra sahaniny tokoa ve ny tomponandraikitry io antokon-draharaha io sa variana amin'ny zavatra hafa? Misy mety mpamily mhay mamily fiarakodia fa tsy tokony hanao asa fitaterambahoaka velively mihitsy fa mampijaly vahoaka fotsiny. Raha tsy voavaha izany, dia ny fanjakana mihitsy, indrindra ny minisitera misahana ny fitaterana an-tanety no tsy mahavita ny asany ka mila esorina amin'ny toerany, fa mandany volam-bahoaka fotsiny.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 410**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0409)

| ***Mitsivalana*** | | ***Mitsangana*** | |
|---|---|---|---|
| - Sempotra | - Tanàna | - Sehatra | - Fanitso (miv) |
| - Eny – Sefo | - Ala – Mi | - Enina | - Teroa |
| - Hiditra | - Ar – Afaka | - Midina | - Rfa – Km (miv) |
| - Any – Io | | - Ala | - Ao - Avia |

## TENY MIFANAPAKA N° 410




**Mitsivalana**

**1.** Andramana **2.** Sary tapaka- Mampisafidy – Sakafo **3.** Hita matetika eo amin'ny valopy – Tsiro – Mpanohitra **4.** Marika **5.** Fiantsoana anareo **6.** Tsy tsaroany **7.** Tsirin-teny Mpanao – Ahiahy **8.** Teny fanentanana – Naoty **9.** Miloko mena lalandava – Fitaovana fakana rano **10.** Latsa-dranomasoa

**Mitsangana**

**A.** Toeram-pivarotana – Betsaka **B.** Sambava, Antalaha, Vohemar – Fanampin'anarana **D.** Mari-bola – Olon-tiana (BR) **E.** Tanàn-dehibe **F.** Akaikinao **G.** Fanekana – Tatitra, teny hoentina (miv) – Sata sy voninahitra **H.** Mibaboka, miaiky fa diso (miv) **I.** Faritana **J.** Mpanoritra anarana – Renintsoratra tsy mitovy **K.** Voakasikay tsy nahy

### Valiny Teny mifanaraka 0409

**Mitsivalana**

**1**.Fiarakodia **2.** EM - Avo - Ka (miv) **3.** Namboarina **4.** OM - To (miv) - Ravo (miv) **5.** Mosary **6.** Naka - Elo **8.** Ady - Ora - If **9.** Nindrana **10.** Asa - Malaky (miv)

**Mitsangana**

**A** Fenomanana **B.** Imamo - Sida (miv) **D.** Sikina **E.** Raboana **F.** Avotra - Ory **G.** Koa - Karemy (miv) **H.** Ro - Olana **I.** Ivato - (V)al(a) **J.** Anay (miv) **K.** Mifanaraka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo tantsaha any amin'ny kaominina Ambahikily sy Tanandava Station, any amin'ny distrikan'i Morombe, nanao hetsika tao Ambinda, sy nitafa tamin'ny mpanao gazety tao Ambahikily.**













